## Baolina lavalava
# Misy ary ho tanterahana ny fidiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 11 aogositra 2018 Laharana 800 Vidiny : **400 Ar**


**Salamo 118: 8** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao, Madagasikara 28 jolay 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Ravalomanana** 2 8

# Manome lanja ny kolontsaina sy kanto Malagasy

**Fanabokana nataona mpiara-miasa** 6

# Potika sy rava ny fiainan'izy mivady





**TSENAN'I BESARETY** 5

## Ho vitain'ny CUA ao anatin'ny 20 andro ny fanatsarana...



**Hira « dia ilay fitia »** 2

## Nosimban-dRajoelina toy ilay « iny lalana iny »

**Ampefiloha** 6

## Moto nangalarina azon'ny fokonolona

**Boriboritany VI (CUA)** 2

## Hitondra am-bavaka ireo mpanala fanadinana ny alahady izao

**Daka kely**

Mba mamorona fa aza ny hiram-pivavahana no simbaina ry Boaikely a !

**Distrikan'i Mandoto** 3

## Miandry ny filoha Ravalomanana ny vahoaka sy ny tantsaha



FILOHA RAVALOMANANA

## Manome lanja ny kolontsaina sy kanto Malagasy



Fanomezan-danja ny kolontsaina sy ny kanto ary ny asa tanana Malagasy, izay no anisan'ny nanatrehan'ny Filoha Marc Ravalomanana ny hetsika izay karakarain'ny Ecole Normale Supérieure (ENS), amin'ny Oniversiten'Antananarivo sy ny Kaominina Analakely nanomboka ny alakamisy teo ary hifarana anio sabotsy. Fotoana koa nanolorana sy nampahafantarana ny boky nosoratan'i Dr Raharimanga Fidèle mpampianatra mpikaroka ao amin'ny ENS sady mpikambana ao amin'ny Akademia Malagasy, nampitondrainy ny lohateny hoe : « ny maha-Malagasy ary ny fihoaran'ny fahendrena noho ny fahadalana. Fandaharam-potoana omaly ny famelabelaran-kevitra momba ny maha-Malagasy, fifaninanana momba ny teny Malagasy ankamantatra, ohabolana, hainteny. Teo koa ny hira gasy nataon'ireo avy amin' ny tarika Kolo-Kanto ENS, ny tononkalo zary hira ary ny hira bà gasy. Nandritra izao hetsika izao no nanambaran'ny Filoha Marc Ravalomanana ny maha zava-dehibe ny fihavanana Malagasy, ny maha zava-dehibe ny fiteny Malagasy izay manana ny mahaizy azy tokoa hoy izy, amin'ny harena hananany amin'ny hainteny isan-karazany. Mpianatra iray izay mahay mikabary tokoa no ho raisin'ny Filoha Marc Ravalomanana ho mpiasa mpanolotra fandaharana amin'ny fahitalavitra MBS-Tv, ity haino amanjery ity izay efa mandeha amin'izao fotoana ary efa manao andrana teknika. Nanome voninahitra ny fotoana tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely izao koa ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

***Isambilo***

Baolina lavalava

## Misy ary ho tanterahana ny fidiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna



Misy ary ho tanterahana ny lalao amboaran'ny Ben'ny Tanàna izay karakarain'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny 12 -19 –ary ny 26 Aogositra izao, hoy ny lefitra voalohan'ny Ben'ny tanàna, ny kolonely kolonely Ramboasalama Emilien, nisolotena ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana, tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely omaly tolakandro. Ef a iray volana mahery ny fangatahana ny fahazoan-dalana tany amin'ny Federasiona Malagasy ny Rugby ary tsy nisy mihitsy ny fanohanana avy any amin'izy ireo hatramin'izao, ka tsy maintsy tanterahana izany ny lalao hiadiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna andiany voalohany amin'ity taona 2018 ity. Ny fahazoan-dalana avy amin'ny ligin'Analamanga ihany koa dia efa eo am-pelatanan'ny mpikarakara. Manana taranja maromaro sahaniny ny eo anivon'ny CUA, hoy ny filohan'ny Filan-kevitra Monisipaly, ny kolonely Faustin Andriambahoaka, ary efa masaka kosa ankehitriny ny taranja baolina lavalava. Izany no natao dia mba hialàna amin'ny Politika ka tsy hijery afatsy ny fitaizana ny tanora amin' ny alalan'ny fanatanjahan-tena madio. Tanjona amin'izao fiadiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna izao ihany koa hoy izy dia ny fampifanatonana ny Federasiona sy ny ligy. Misy ny lalàna mifehy ireo lalao hatao amin'ireo fotoana ireo ary tsy maintsy maka izany any amin'ny Ligin' Analamanga ny Kaominina na dia lalaom-pirahalahiana aza no tanterahana. Natao koa izao lalao izao, tsy hijerena ankolafy na paipaika samihafa, tsy misy fanilikilihana na avy amin'iza na avy amin'iza ary ny CUA dia tsy hijery izay lafy ratsiny izay fa lalao am-pirahalahiana sady voninahitra ho an'Antananarivo no banjinina. Nohamafisiny fa efa azo avokoa ny herinandro teo, ny 10 Jolay 2018 ny alalana rehetra ary ny CUA dia manaraka hatrany ny lalàna koa manainga ireo fileovana rehetra hanatrika io lalao 3 io izay hanomboka ny Alahady faha-12 ny volana aogositra ho avy izao eny amin'ny Kianjaben'i Mahamasina. Marihana fa lalao mangarahara sy madio no hatao ary hampiasaina ny Camera de surveillance miisa 8 amin'io fotoana io na ilay antsoina hoe VAR toy ny tamin'ny lalao Coupe du Monde. Efa fanintelony no nampiasaina ity VAR ity teto amintsika ary nahitana fahombiazana izany teknolojia vaovao izany.

***Isambilo***

Boriboritany VI (CUA)

## Hitondra am-bavaka ireo mpanala fanadinana ny alahady izao



*Ny delegen'ny Boriboritany faha-6, Fehizoro Andriamananjezika.*

Araka ny vinan'ny Ben' ny Tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana amin'ny fijerena manokana ireo renimpianakaviana sy ny ankizy, izay ny lehibe indrindra amin'izany ny fijerena ny aim-panahin'izy ireo dia hanao vavaka fangataham-pitahiana ho an'ireo mpanala fanadinana ny boriboritany faha- 6 kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) ny alahady ho avy izao manomboka amin'ny 2 ora sasany ao amin'ny FJKM Antanety Fitahiana Ambohimanarina SPAA10. Koa antsoina ireo ray aman-drenin'ny mpianatra sy ny ankizy hanala fanadinana CEPE, BEPC ary BACC ao amin'ny boriboritany hanatrika io fotoampivavahana io araka ny nambaran'ny delegen'ny boriboritany faha-6, Fehizoro Andriamananjezika. Ny hitondra ny hafatr'Andriamanitra amin'izany dia ny tonian'ny dorkasy foibe FJKM ny mpitandrina Dynah Trimozafy. Nanamarika ny delegen'ny boriboritany faha 6 Fehizoro Andriamananjezika fa izao no tanteraka dia noho ny fiarahamiasa tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny boriboritany faha 6. Koa aorian'ny fotoambavaka dia hisy ny fanomezana marika kely fahatsiarovana hatolotra ireo ankizy mpanala fanadinana avy amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

### Hira « dia ilay fitia »

## Nosimban-dRajoelina toy ilay « iny lalana iny »

Lasa anaovan'ny ekipan'ny TGV/MPAR tarihin'ny mpanongam-panjakàna Andry Rajoelina propagandy mialohan'ny fotoana ilay hira «Dia ilay fitia». Maro ireo mpino katolika no maneho ny hatezerana vokatr'izany, hiram-pivavahana tsy tokony atao fitaovana politika satria tsy votery ho mpomba ny mpanongam-panjakàna Andry Rajoelina avokoa ny mpino ao amin'ny EKAR. Rehefa mandeha any ampiangonana mantsy io hira io dia ohatra ny fampielezan-kevitra ho an-dRajoelina ny ao antsain'ny mpino, ka amin'izay fotoana izay dia lazaina fa mpomba ny mpanongam-panjakàna ny mpanao ny litorjia. Tamin'ny fanonganam-panjakàna ny taona 2009 dia nisy ny hira noventesina 'iny lalana iny ' tamin'izany. Noho ny fahatezeran'ny olona dia tsy heno tamin'ny onjampeo intsony iny hira iny, na dia maro mpankafy aza io hira io. Nampalahelo fa lasa ilay hira indray no analana ny hatezerana. Maninon moa i Andry Rajoelina hoy ireo mpinono katolika tafaresaka tamin'ny gazety no tsy mamorona hira ho azy manokana e? Ny antoko politika matanjaka toy ny Tiako i Madagasikara (TIM) dia manana ny hira ahafantaran'ny maro azy, dia mba manaova koa toy izany fa tsy ny hiram-pivavahana no simbaina.

***Helisoa***

Fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana

## Voasambotry ny polisy ireo mpametaka afisin-dRajoelina

Voasambotry ny polisy any Toamasina ny lehilahy 2 nanaparitaka sy nametaka ny afisin-dRajoelina manerana ireo vigie an'ny polisy sy toerana maro tany Toamasina ny alin'ny alarobia sy alakamisy teo. Fanaparitahana afisy izay ambaran'ny Tgv-Mapar fa mikendry disqualification na fanalana andaharana ny kandidà Andry Rajoelina amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Na izany na tsy izany dia fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana izao efa ataon-dRajoelina sy ny mpomba azy izao. Omaly zoma ihany dia niakatra fampanoavana ireto roalahy nampandikana lalàna ireto. Manodidina ny 30 000 Ar isak'alina ny karama raisin'izy roalahy, sarona izy ireo ary mbola teo am-pametehana afisy tao Anjoma izy ireo tamin'ny alina izao tratra izao ary misy ny planina ny isan'ny afisy isaky ny faritra ao Toamasina hanaparitahan'izy ireo izany.

***Isambilo***



*Afisin-dRajoelina nipetaka tamin'ny rindrina tany Toamasina.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mi'Aro R

## Ny Valosoa sy hadihady

# Ho betsaka ny amboadia mitafy hodi-janak'ondry amin'ny fifidianana

Mora ny mandrava fa sarotra kosa ny manangana! Marina loatra izany fitenenana izany raha ho antsika eto Madagasikara. Misy tokoa mantsy ny mpanao politika sasany tsy miraharaha fa rehefa azo ny fahefana dia ampy azy izay na misy aza ny fahapotehana. Misy olona toy izany mirotsaka ho fidiana Filoham-pirenena izay hiatrika ny fitsarambahoaka amin'ny alalan'ny fifidianana amin'ny 7 Novambra 2018 . Firy ny trano may teto Madagasikara nandritra ny hetsika nataon'ny sasany tamin'ny 2009? Nolazaina sy nodradradradraina tamin'izany fa afaka tamin'ny didy jadona i Madagasikara . Resaka fampandriana adrisa daholo anefa izany fa ny olom-bitsy no tena voky hatrany an-tenda kely . Ny orinasa efa nisy nopotehana ka zary lasa nitombo ny tsy an'asa , lasa mpivarotena ny vehivavy sasany. Aleo tsorina fa ny gidragidra niniana noforonina noho ny fialonana izay toetra mirefarefa amin'ny tany no nahatonga ny firenena mbola mandady toy izao. Ankehitriny kosa ho avy ny fifidianana dia lasa anjely daholo ny mpandoro trano sy ny mpandroba . Fa ny tena loza dia ny olona nanapotika indray no milaza azy fa hampandroso an'i Madagasikara , atao daholo ity fihetsiketsehana rehetra ity fa tsy maharesy lahatra ny olona . Ny zesta teknika no betsaka fa ny baolina maty tsy misy . Ny tiana hambara dia izao ; mila mailo ny rehetra amin'ny fotoana handatsaham-bato satria maro no tsy maintsy hanao bala rora , mampatory am-pitsanganana . Mila mitandrina ny rehetra sao voafitaka amin'ny fifidianana . satria betsaka ny amboadia mitafy hodi-janak'ondry, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

CRAM

## Hiteraka olana ny fandatsahana ny anaran'ny mpifidy amin'ny lisi-pifidianana

Mitondra ny heviny momba ny fifidianana filohampirenena ho avy ny CRAM na ny Cercle de Réflexion pour l'Avenir de Madagascar. Mipetraka eo an-tsoroky ny Directeur Service Informatique (DSI) CENI ny ho avin'ny firenena mandritra ny fifidianana amin' ny 07 novambra 2018 hoy ny fanambarana. Manana andraikitra goavana izy satria raha sanatria ka miverina ny fomba fanao amin'ny fandatsahana ny anaran'ny mpifidy tsy mitovy hevitra amin'ny kandidàm-panjakana isampokontany na dia efa niverina nisoratra anarana tany amin'ny Biraom-pokontany aza ilay olom-pirenena vonona ny hifidy dia izay no hitarika ny olana goavana eto amin'ny firenena mandritra ny andron'ny 07 novambra 2018 sy aorian'ny fifidianana. Ny vaha olana atolotry ny Cercle de Réfléxion pour l'Avenir de Madagascar (CRAM) mba hialana sy hisorohana ny korontana mialoha na aorian'ny fifidianana dia ireo solontenan'ny Kandidà tsirairay (mandataire) hiara-miasa amin'ny CENI dia tokony hahazo ny « fichier de la liste électorale par bureau de vote » hahazoany manamarina raha ao anatin'ny lisi-pifidianana ny olony efa nisoratra anarana. Fantatra aorian'izany ny toerana sy ny tena isan'ny biraom-pifidianana marina manerana an'i Madagasikara. Ny kandidà sy ny Antoko politika manolotra kandidà dia tokony hanana "outil de travail informatique - système d'information électorale en temps réel" izay hahazoany tsara manaporofo ny fitantanana arabola na ny "gestion financière du parti (achat, comptabilité), logistique (équipements, déplacements, gestion des kits, gestion de personnel, staff, location hélicoptère, mba hialana amin' ny filazana fa mampiasa vola maloto ilay kandidà. Manamarina ireo mpikambana amin'ny antokony eo anivon'ny fokontany sy ny Kaominina ary ny distrika. Mahafantatra ny mombamomban'ireo solontenan'ny kandidà (délégué) isaky ny birao fandatsahambato manerana an'i Madagasikara izay manodidina ny 2 500. Mandrindra ny fampielezankevitra ny fifidianana Filohan'ny Repoblika, Solombavam-bahoaka, Ben'ny Tanàna. Manangona ny vokatry ny fanisam-bato ara-potoana (en temps réel) isaky ny biraom-pifidianana ary mandefa izany mivantana any amin'ny Foibe toerany na QG isaky ny distrika amin'ny alalan'ny « sms par téléphone + sary ny PV nataon'ny solontenan'ilay kandidà sonia, izay tsy ahitana kosokosoka (rature) satria dia mitarika avy hatrany amin'ny "fanafoanana ny voka-pifidianana amin'ny birao fandatsaham-bato iray izany" araka ny nambaran'ny tompon'andraikitry ny CENI, ho raisin'ny « serveur » izay mandeha amin'ny alalan'ny zanabolana any amin'ny "QG Central Antananarivo".

***Nangonin'Isambilo***

Distrikan'i Mandoto

## Miandry ny filoha Ravalomanana ny vahoaka sy ny tantsaha

« Miandry ny filoha Ravalomanana izahay, hanavotra ny firenena fa mafy ny manjo anay nohon'ny ataon'ny dahalo sy ny fahasahiranana amin'izao fotoana ». Io no ambetin-tenin'ireo tantsaha marobe avy ao amin'ny Distrikan'i Mandoto raha nihaona sy nitafa nivantana tamin'ireo iraky ny filoha Marc Ravalomanana ny alakamisy 09 Aogositra 2018 lasa teo, tao amin'ny kaominina Ankazomiriotra. Nitarika ny delegasiona tamin'izany ny Senateran'i Madagasikara, Ramatoa Olga Ramalason sy ny Depioten' Antsirabe voalohany, Andriamatoa Jean François Michel. Tototry ny fitakiana sy fangatahana ireto tompon'andraikitra ambony ireto ary tsy nisalasala ireo vahoaka nilaza ny alahelony nohon' ny fahoriana manjo azy. Nambaran'ireo tantsaha fa ankehitriny dia tsy ma-



***Ireo Parlemantera TIM nihaona tamin'ny vahoakan'i Mandoto.***

tory an-tanàna ny mponina fa mitsoaka any antsaha amin'ny alina fa matahotra dahalo. Zara raha misy ny omby hiasana fa tapitry ny dahalo satria dia mila ho isan' andro ny fanafihan-dahalo any an-toerana. Miteraka fahasahiranana amin'ny asa ihany koa anefa izany satria tsy misy omby hiasana sy hakana zezika intsony ny tantsaha. Notsiahivin'ireo olona nandray fitenenana fa nandry ivohon'ny vato tanteraka izy ireo nandritra ny nitondran'ny filoha Ravalomanana ary tsy nandrenesana izany asan-dahalo izany tany an-toerana, saingy mitondra fahoriana tanteraka izy ireo ankehitriny satria na dia efa very omby aza dia mbola miantoka solika ho an'ny zandary indray raha vao miantso azy ireo. Raha ho an'ny Distrikan'i Mandoto dia tapitra tamin'ny fialan'ny filoha Ravalomanana ihany koa ny fampandrosoana satria raha tsiahivina dia tamin'ny fotoana nitondrany no nanokafana ity distrika ity voalohany ary nisy ireo asa fampandrosoana efa natomboka tamin'izany, saingy nanjavona tanteraka izany tao anatin'izay 10 taona latsaka nisian'ny fanonganampanjakana izay. Isan'ny notsiahivin'ny olona tamin'izany ny fanohanana ara-jezika nomena ny tantsaha tamin'ny alalan'ny Tranoben'ny tantsaha, ny fanohanana feno ny fampianarana tamin'ny alalan'ireo "Kit Scolaire", sy ny fizakana ireo saram-pisoratana anarana ho an'ny mpianatra. Isan'ny nitondran' ireo vahoaka fanontaniana ihany koa ny tsaho aelin'ireo mpanao politika any ambanivohitra any fa tsy afaka mirotsaka izany intsony ny Dadanareo, ka nitondran' ireo manam-pahefana fanazavana fa amin'io herinandro miditra io no hametraka ny firotsahankofidiany ny filoha Ravalomanana ary notsiahivina fa izany no anton' ilay tolona ho an'ny fanovana nataon'ny solombavambahoaka tao Antananarivo, mba hisorohana izay paika maloton'ny sasany tsy hamela azy hilatsaka izay. Nalai-nisaraka tanteraka ireo vahoaka sy olom-boafidy ireo ary nampanantena ny mpitarika fa tsy maintsy hisy ny fihaonan'ny filoha Marc Ravalomanana amin'izy ireo, tsy ho ela.

***Lezama***

## NY TENY FIAINANA

***I Jaona 5:5***

*Iza moa no maharesy izao tontolo afa-tsy izay mino fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra ?*

facebook NY VALOSOA

## Tadiavina ho samborina ny mpanakanto Théo Rakotovao noho ny fiarovany ny tontolo iainana



**Fernand Cello** : mankahery an' i Théo Rakotovao amin'ny zava- misy ao Toliara. Miaro tontolo iainana sy ny Tanindrazana dia rahonana amin'ny fonja ......

**David Andriamboavonjison** : ka ilay mpitondra malagasy mihintsy anie no mivarotra ny tanindrazana e , aleo hery e.

**Noro Ramanoarison Rafidison** : tsy misy ilana azy ity fitondrana ity. Mpivarotra tanindrazana.

**Sahondra Hanitra Andrianasolo** : ndao mba hampiana Théo Rakotovao eee !

**Noro Ramanoarison Rafidison** : vonona hanampy an'i Théo Rakotovao izahay. Misy soso-kevitra ve?

**Suzette Andriamiandravola** : mahereza namana " Théo Rakotovao ", manohana anao izahay.Fa mitady raharaha @ ny " Artista b vata va ny fintondrana e !"

**Jeanne Françoise Razafimalala** : miaro anao ny Malagasy.

**Lala Yves Randrianantenaina** : hatraty moramanga io hanjakan'ny sinoa io.

**Eddy Raedy** : sao dia efa lafo ambongadiny e ? Nefa ny Iles Eparses ary hoe toa hoaverina , nefa ny ato anatiny toa ahilika ????

**Fnu Andrianjafitrimo** : aza potehina ny baobab fa tena lafo vidy io ary misy dikany lehibe ho an'ny malagasy. 9 no karazany eran-tany ary 6 no tsy misy afatsy eto Madagascar (endémiques). Arovako, arovanao, arovantsika ny tontolo iainana. Tsy mahafatiantoka an'ny Malagasy raha miotrika ao ambanin'ny tany mandritran'ny arivo taona aza ny fasimainty. Mbola ao ny taranany hitrandraka azy @ fotoana mahamety azy.

**Vony Couturier Mikaly** : aza matahotra an'izany ianao rahalahy, hivavaka ho anao izahay.

## TONONKALO

### Ataovy ny ampamoaka

Nankaiza ny vidin`ilay raopilanina
Izay nodradraina hanasoavam-bahoaka,
Fa be no efa maina tsy manan-kohanina,
Hatramin`ny tenda aza mila hipoaka !

Ny vidin`ny vary ity miakatra hatrany,
Ny vidin`ny solika tsy hay mba notanana.
Moa tsy ny hoe hampidinana izany,
`Ty `lay nidedahana hivaro-pananana ?

Hatramin`ny rora efa mila tsy ho telina.
(Tena mangidy fa tojo ny antambo!)
Kanefa i Mampiesona sy Radomelina,
Mainka midehaka , midingin-drambo.

Jereo , very an-javony izay teo an-tanana,
Iretsy vahoaka vao mainka mijaly.
`Nareo no eo am-pototry ny fiadanana
Ka mievotrevotra sy falifaly ?

Mitety ny faritra indray ka hizara
Ny ampahany kely amin`izay nangalarina ?
Mieritrereta fa mahakizo fara
Ny fombanareo ry mpanao ny tsy marina !

... Mbola hotsaraina ny zavatra vita,
F`izany no ilàna ilay hoe fifidianana.
Ialao ny jiolahin`ny tetezamita,
Fidio ny olo-marina , madio tanana.

***DADAN`i ZINA (09-08-18)***

Dr Fidèle Raharimanga

## Sompitry ny tahirin'ny teny ny hainteny Malagasy

Sompitry ny tahirin' ny teny ny hainteny Malagasy, nisongadina izany nandritra ny fampahafantarana sy fanolorana ny boky, nataon'i Docteur Raharimanga Fidèle mpampianatra mpikaroka ao amin' ny Ecole Normale Supérieure (ENS), tetsy amin' ny Lapan'ny tanàna Analakely ny alakamisy tolakandro teo. Ny boky izay natolony izao dia mirakitra hainteny Malagasy nampitondrainy ny lohateny hoe: "ny maha-Malagasy ary ny fihoaran'ny fahendrena noho ny fahadalana". Nanome voninahitra ny fotoana tamin'izany ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky, amin'ny fanohanan'ny Kaominina Antananarivo renivohitra ny fanomezan-danja ny kolontsaina sy ny asa tanana Malagasy. Satria hetsika ara-kolontsaina sy asa tanana izao tanterahana etsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely izao, nanomboka ny alakamisy teo ary tsy hifarana raha tsy anio sabotsy. Mpikarakara ny hetsika ny fikambanana Vohitr'Andriana Ombimanga sy ny kolo kanto ENS, ary eo ambany fiahian'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Fantatra tamin'izany koa fa ankamantatra voahaingo ny hainteny, literatiora miavaka, filazana zavatra tsy mivantana: mety ho tononkalo mety ho tantara koa.


*Dr Raharimanga Fidèle, mpampianatra mpikaroka ao amin'ny ENS, sady mpikambana ao amin'ny Akademia Malagasy.*

**Aly**

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe teny Manjakaray hatreny Ambodivona

Nanatanteraka fanadiovana teny Manjakaray ny avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy kaominina Antananarivo Renivohitra ny 10 Aogositra 2018. Nitarika ny hetsika ny delegen'ny Boriboritany Andriamatoa Rakoto Emmanuel Richard. Niainga teny amin'ny Ekar Manjakaray ny fanadiovana hatreny amin'ny arrêt 23 Ambodivona.Niara- nisalahy tamin'izany ireo mpamafa lalana, équipe mobile sy ireo agent d'assainissement. Nandritra izany dia nofafana avokoa ny arabe rehetra ary nosokirina ireo tatatra. Tsy mijanona hatreo ny asa fanadiovana tanterahan'ny boriboritany fahadimy fa mitohy hatrany, mba hitandroana ny fahadiovana sy ho fampianarana ny vahoaka hahalala hadio. Ary ho fanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, « tanàna madio sy milamina ».


*Ny fanadiovana faobe nataon'ny Boriboritany faha-5.*

**Aly**

Fitaterana Vakinankaratra

## Ho hentitra ny tompon'andraikitra

Namory ireo kaoperativa rehetra misy ato anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny andron'ny alakamisy teo ny Prefektioran'Antsirabe, ny polisim-pirenena, ny zandamariam-pirenena, ny avy eo amin'ny foiben'ny paritry ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro ary ny avy eo anivon'ny Antokon-draharahan'ny ATT Vakinanakaratra. Tanjon'izao fivoriana izao ny fampahatsiahivana indray ireo tompon'andraikitra rehetra na ny sehatra nasionaly na ny zotra rejionaly ary ny zotra suburbaine, ny fanajana ny lalàna mifehy izany sy ny ady amin'ny kolikoly. Mbola tsy tomombana ny lalàna mifehy ity fitaterambahoaka ity ary efa hita fa maro ny gaboraraka amin'izany. Nisy arak' izany ny fifanakalozan-kevitra ary nihainoana ireo olana maro samy hafa mba hahafahana manome vahaolana misy amin'ireo mpitatitra. Tapaka tamin'izany ary fa hisy ny fanaraha-maso matotra kokoa satria efa nifanaiky fa samy hiara-hiasa ny roa tonta mba ho fanomezana fahafaham-po ireo mpanjifa sy ho fisorohana ny loza samy hafa. Matetika dia ny tompon'ny fiara no mizaka ny vokatry ny hadisoana ataon'ny mpamily.


*Ireo tompon'andraiki-panjakana namory ireo mpitatitra tao Antsirabe.*

Efa nisy ary hamafisina ilay rafitra eo anivon'ny prefektiora sy ny distrika, ilay atao hoe kaomisionina misahana ny fisintonana ny taratasy fahazahoan-dalana mitondra fiara, izay mety mitarika amin'ny fisintonana izany ao anatin'ny 1 volana ka hatramin'ny 12 volana. Efa nisy ny toromarika avy amin'ny zandarimaria sy ny sekreteram-panjakana nifanarahana tamin'ny ATT ho fijerena ny lafiny ara-teknika ireo fiara fitaterana. Tao anatin'ny telo andro monja, ary dia fiara miisa 102 no natao fisavana, ny 41 amin'ireo dia tsy tomombana avokoa ny fenitra ara-tekinika. Isany ahitana endrika kolikoly maro samy hafa ihany koa ny fitaterana, nambaran'ny lehiben'ny polisim-pirenana tamin' izany fa ny fiaraha-miasa no zava-dehibe ho fiadiana amin'izany ary tsy handefitra izy ireo raha toa ka mahatratra endrika kolikoly.

**Lezama**

Vitrine du Vakinankaratra

## Hiditra amin'ny andiany faha 21

Hiditra amin'ny andiany faha 21 ankehitriny ny "Vitrine du Vakinankaratra" ny faha 30 sy 31 Aogositra ary ny 01 Septambra 2018 izao, eo anoloan'ny Garan'Antsirabe ihany toy ny mahazatra. "Ny sehatra tsy miankina, manosika ny fampandrosoana an'i Vakinankaratra", io no loha-hevitra ho voizina amin'ity taona ity ary hanentanana ireo mpandray anjara. Nambaran' Andriamatoa Ramarijaona Andrianjafy, filohan'ny Fivondronan'ny Orinasan'i Vakinankaratra" fa hanome sehatra bebe kokoa ireo mpandraharaha vao misondrotra sy ny tontolo ambanivohitra ny hetsika amin'ity indray mitoraka ity satria saika avy any no hivoahan'ireo akora fanodin'ny orinasa eto Antsirabe sy mampalaza an'i Vakinankaratra. Hisy ihany koa ny fanomezana sehatra ireo tanora sy ny vehivavy amin'ny ezaka ataony ho an'ny fampandrosoana amin'ny alalan'ireo fikarohana sy famoronana asa. Raha ny fantatra dia efa ny 80%- n'ireo mpandray anjara nohoverina no efa nisoratra anarana ary toy izany ihany koa ny fanomanana. Ankoatra ireo tranoeva fampirantiana dia fantatra fa hisy ihany koa ny hetsika ara-kolotoraly sy ara-panatanjahantena hiara-dalana amin' ity hetsika ity, ankoatra ireo valan-dresaka arahina ady hevitra izay nomena lohahevitra maromaro ho an'ny fampandrosoana. Fantatra fa hisy ny fandraisan'ajaran'ireo orinasa goavana eto Vakinankaratra amin' ity hetsika ity ary hisy ny vokatra vaovao vao hampahafantarin'izy ireo amin'izany.

**Lezama**

## Sakafo Ny Valosoa


Valala endasina na atono indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo hanina hatao laoka tsara tokoa ny valala. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba natoraly fampihenana vatana

Fomba natoraly fampihenana vatana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo zavatra ilaina : 1 Mananasy masaka tsara , 5 Voasary makirana (citron) , 2 Sakamalaho lehibe. Fikarakarana azy : alaina daholo ireo voankazo voalaza etsy ambony ireo dia sasana madio tsara avokoa. Rehefa vita izany dia tetehina miaraka amin'ny hodiny rehetra ilay mananasy sy ny voasary makirana miisa 5 ary totoina tsara na tetehina manifibe ilay sakamalaho. Vita avokoa izay dia makà casserole na vilany lehibe efa madio tsara ary afangaroy ao anatiny ao ireo karazam-boankazo efa voatetika ireo. Efa voafangaro tsara ao anatin'ny casserole na vilany izany dia hataovy rano 3 litatra ary hampangotrahy ambony afo mandritry ny 20 min na 25 min eo ho eo vao esorina. Rehefa hita fa mangotraka tsara ilay izy dia ahidina eny ambony afo ka saronana tsara amin'ny sarony mba tsy ho lasan-drivotra ireo tsirony. Rehefa mangatsiaka ilay rano ao anatin'ny casserole na vilany teo dia sotroy amin'ny vera ka vera iray (1) ny maraina sy vera iray (1) ny hariva ka atao isanandro ilay izy, tsy hajanona mihitsy raha tsy tapitra ny rano 3 litatra iny.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Farafangana renivohitry ny faritra Atsimo Atsinanana

Ny tanànan'i Farafangana renivohitry ny faritra Atsimo Atsinanana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra i Farafangana. Ity tanàna ity dia naorin'ny Frantsay tamin'ny 9 aprily 1897. Raha araka ny fantatra ny Farafangana dia avy amin'ny teny hoe farany sy fiaingana, ilazana ny foko Antefasy izay nitety an'i Madagasikara aloha ary nijanona tao Farafangana, izay toerana noheverin'izy ireo fa tsara honenana sy hivelomana. Manamorona ny ranomasimbe Indiana izy ary eo amin'ny vavaranon'ny reniranon'i Manampatrana. Ny RN 12 no mampitohy azy amin'i Manakara sy Vangaindrano, lalana voarakotra tara. Ny RN 27 no mampitohy azy amin'Ihosy, izay lalan-tany kosa. Manana seranam-piaramanidina i Farafangana, tamin'ny fanjanahantany dia nanana seranan-tsambo izy.



## Salamo 118: 8

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, Madagasikara 28 jolay 2018

***Salamo 118: 8: "Tsara ny mialoka AMIKO JEHOVAH noho izay mialoka amin'ny olona."Isaia 57: 13 "Fa izay mialoka AMIKO kosa no hanana ny tany sy handova ny tendrombohitra masina"***

Ry mponin'ny tany!

Hoy AHO JEHOVAH aminareo olombelona tsy an-kanavaka ambany masoandro ary henoy tsara izay lazaiko, tehirizo tsara ny TENIKO : Isaia 57: 21. Tsy misy fiadanana ho an'ny ratsy fanahy. Manomboka amin'ny fotoana ahitanao izao SORATRA sy HAFATRA tonga eo ambany masonao izao dia tiako JEHOVAH ianao handinika ny mombamomba anao manokana, ny toetranao, ny fanahinao. Dia hoy ianao hoe : "Fa maninona?" dia hoy AHO hoe : aza matoky tena ianao, mialoka amin'iza ianao? Salamo 34: 22ᵇ : ka tsy mba misy ho helohina izay mialoka AMIKO JEHOVAH. Hono ho'AHO ry zanak'olombelona? Manoloana ny zava-misy, mitranga, miseho, mampahory, mampijaly, mampatahotra, mampihorohoro ambany masaondro izao, mialoka amin'iza ianareo??? Sao dia matoky olona? Sao dia miantehitra amin'ny harena sy fahaizana? Tandremo, tsy misy mahavonjy anareo afa-tsy ny mialoka AMIKO sy matahotra AHY ary mino fa JESOSY no MPANJAKA. Tsy sasatra AHO JEHOVAH miteny hoe : rehefa IZAHO JEHOVAH no maniraka mpaminany dia misy loza manantonanona nefa misy kosa FAMONJENA manangasanga ka anjaranao ny mino. Indro efa voalazako taminareo fa hisy loza, ao ny efa mihantra, ao ny mbola ho avy, izany dia manerana ny tany. Ny antony dia nohon'ny fahatezeran'ireo natiora mpamelona, voaloto, voazimbazimba, eny voavetaveta mihitsy, indrindra fa ny fialofan'ny zanak'olombelona amin'izay andriamanin-kafa, tsy mahavonjy, tsy mahare, tsy mahita, tsy miteny, tsy mamaly vavaka akory. Indro ny HAFATRA teo aloha nanambara ny amin'ny RANO, AFO ary indro fa tsy hay tohaina ireny fa tampoka ny fihaviny ka mandringana sy mamono. Izao no tsy takatry ny sainareo ary tsy voafaritry ny fahaizanareo sy ny vola anananareo, eny na dia ny fitaovana eo aminareo aza. Avy ao amin'ny tany avokoa no hiavian'izay ho avy, satria ny tany no niandohan'ny FAMORONANA nataoko. Mba fantatrareo??? Raha tsy misy endrika akory ny tany sady foana, Genesisy 1: 1. Tamin'ny voalohany AHO JEHOVAH nahary ny lanitra sy ny tany. Izay ilay voalazako hoe : miaraka mandrakariva ny zava-misy. Raha misy famantarana ety amin'ny lanitra ambony dia misy fahagagana eo amin'ny tany ambany. Efa ela AHO no nanafatra toy izao : mba jerijereo ihany eny amin'ny lanitra ambony, fa ho hitanareo eny ny masoandro sy ny volana voahodidina avana, ny kintana mpifindrafindra, tsy ho ela dia hahita SORATRA AFO ety amin'ny lanitra ambony ianareo. Izany rehetra izany dia misy dikany avokoa. Izay hiseho amin'ny tany ambany ve? Ho maina ny tany ka tsy hahavokatra, hiteraka mosary izany, hitresaka ny tany ka hiafara amin'ny horohoro mafy, valala no mivoaka avy any anaty tany ka manerana ny tontolo, tsy ahitan-drano amin'ny faritra maro ka mivoaka avy amin'ny tany ny hafanana, tsy laitra iainana. Izay renirano hany sisa mikoriana dia ritra sady mafana dia mafana indrindra fa ao amin'ny ranomasina ho maro ny zava-manan'aina ao no tsy mahazaka ka indrisy fa maty. Toy izany koa ny hatsiaka, hisy hatsiaka be handalo amin'ny faritra maro eo amin'ny tany, tsy ho tantin'ny olona izany no tsy ho zaka koa. Io hatsiaka ho tonga io dia mivoaka avy any anaty tany koa, ny hatsiaka amin'izay vanim-potoana izay dia tsy voarefin'ny fitaovan'olombelona fa tena mangatsiaka. Haharitra 3 andro ambonin'ny tany ny hatsiaka, izy io indray dia FANAMBOARANA zavatra maro izay rava, famerenana amin'ny laoniny izay simba, na eo amin'ny zava-boahary izany, eny eo amin'ny olombelona koa. Mety mahagaga anao izany fanambarako izany, fa marina izany. Mba fantatrao? Tany ampiandohan'izao tontolo izao raha vao mamorona AHO JEHOVAH dia "HATSIAKA" no mihazona ny tany, fa nohon'ny fahaizako dia nampifandimbiasako ny hatsiaka sy hafanana ka tendron-tany sisa no namelako hatsiaka mitazona ny tany dia ny tendron-tany avaratra izany. Ka raha tonga izany fotoana izany sady kely sisa dia misaora ianareo AHY JEHOVAH fa mbola tiako ianareo. Io fizaran-potoana mandalo sy mifandimby eo aminareo io anie ka sady fanamboarana no fitiavana e! Iohataona, ririnina, fa havaratra ary fararano. Ny zava-misy ankehitriny? Tsy voafaritra intsony ireo nohon'ny tany maloto. Aiza ve ry olombelona ka dia toherinareo ny TENIKO, nefa ianareo tsy mahita vahaolana akory. Indro efa mivoaka ihany koa ny Bolantany arak'izay lokony avy, arak'izay anirahako azy, hifandimby ao ireo loko fito : mena, maitso, manga, volomparasy, volomboasary, mavo, manga be (indigo). Averiko aminao indray no dikan'ireo loko fito.

Mena= Fendresena

Maitso = Fandriampahalemana

Manga kely = Fanjakan'ny Lanitra

Volomparasy = Fiandrianana

Volomboasary = Famindram-po

Mangabe (Indigo) = Zava-miafina.

Ny Fotsy = Fahamarinana, Fahamasinana no mihazona azy rehetra.

Araho tsy tapaka fa hambara aminareo izay ho avy mba hiomananareo.

Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:

jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## TSENAN'I BESARETY

# Ho vitain'ny CUA ao anatin'ny 20 andro ny fanatsarana sy ny fanitarana

Ho vitaina ao anatin'ny 20 andro ny fanitarana sy ny fanatsarana ny tsenan'i Besarety ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo Renivohitra, tsena isaky ny talata eto an-drenivohitra. Nidina ifotony nihaino ny fitarainan'ny mpivarotra sy ny mponina, nijery ny fanatsarana ny tsena tetsy amin'ny tsenan'i Besarety ny alakamisy maraina teo ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miasa aminy akaiky, ao amin'ny fiadidian'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, notronin'ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriboritany faha-3 Mamy Rajaonson. Natao izao fidinana ifotony izao, hoy ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana satria betsaka ny fitarainana tonga tany aminy vokatry ny tsy filaminan'ity tsenan'i Besarety ity. Araka ny nambaran'ireo mponina sy ny mpivarotra dia efa misy ireo fanatsarana ny Tsenan'i Besarety, toy ny : ny fanamborana ny talantalan'ny mpivarotra, ny bassin, fananganana dabampako ary indrindra ny fanamboarana ireo tatatra misarona, ny fanavaozana ny Pavillon miisa 40. Teo koa ny fanamboarana lalana rarivato na pavé miditra ao an-tsena, izay lalan'ny vahoaka mampifandray Fonkontany 3 dia Besarety, Ampandrana Besarety, Ampandrana Atsinanana, izay mirefy 150 m, nampijaly ny mponina sy ny mpivarotra izany, indrindra rehefa fahavaratra ny andro. Tafiditra ao anatin'ny fanamboarana ny tsena ihany koa ny fanavaozana ny tranompokonolona na ilay antsoina hoe Gymnase izay tokony hampidi-bola hoan'ny tsenan'i Besarety sy ny CUA. Ankoatr' izay dia nanambara ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ny amin' ny handaminana ny "Parking", ka tsy tokony hisy intsony ireo fiara maty mipetraka ao anaty tsena. Tsy maintsy manadio sy mitandro ny fahadiovana koa ny mpivarotra sy ny mponina. Ireo mpivarotra mivoaka eny ivelany indray dia tsy maintsy miditra ao anatin'ny tsena avokoa rehefa vita ny fanamboarana ny tsena ary hisy fepetra ampiharin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ireo izay tsy manara-dalàna. Mbola hidina eny an-toerana ny ben'ny Tanàna afaka iray volana hijery ny fahavitan'ny asa fanamboarana satria fanavaozana no tanjona, hoy hatrany ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

***Aly***



*Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nidina ifotony tetsy amin'ny tsenan'i Besarety.*

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Président du Conseil** : sous la IIIème et IVème République, désigne le chef du gouvernement. Entina ilazana ny Filohan'ny governemanta. Nandritry ny Repoblika faha 4 any Italia.
**Pronunciamiento** : teny espaniola izay mitovitovy hevitra amin'ny fanonganam-panjakana. Ny mahasamihafa azy dia tsy misy herisetra ny pronunciamento fa atao ao anatin'ny ady hevitra.
**Racisme** : fanavakavahambolo koditra.
**Radicalisme** : fakana toerana hentitra.
**Rapporteur (d'une commission)** : parlémentaire chargé de rendre compte en séance des analyses et amendements d'une commission au texte examiné.
**Réforme** : fanavaozana.
**République** : Repoblika. Teny latina mizara roa : res izay midika hoe zavatra na raha sy publicae : vahoaka. Ny repoblika izany dia mifono ny hevitra hoe fananam-bahoaka.
**Réseau** : tambazotra.
**Résistance** : fanoherana ny fitondrana misy avy amin'ny fampiasana fiadiana ary misy misy ady any anaty akata.
**Révolution** :Tolom-bahoaka na revolosiona.
**Richesse** : harena.
**Rumeur** : tsaho.
**Sakelimihoajoro** : hetsika nasionalista nanangonana tanora marobe izay notarihin'i ingahy Ramelison natao hoe Ngovitra. Olona akaikin'ny Filohan'ny Repoblika Didier Ratsiraka.
**Siècle (le)** : fikambanana miafina frantsay ahitana mpikambana avy amin'ny sehatra samihafa.
**Sionisme** : ny sionisme dia firehan-kevitra noforonin'i Théodore Herzl tao anatin'ny bokikely nosoratany ary mitondra ny lohateny hoe « ny fanjakana jiosy ». Tao anatin'izany boky izany no namaritany ny hevitra izay heveriny fa hitondra ny vahaolana ho an'ny vahoaka jiosy avy amin'ny fananganana ny fanjakana mahaleotena jiosy samirery fa tsy misy fanampiana avy amin'ny firenena hafa. Teny am-piandohany dia tsy nahazo fanohanana avy amin'ireo jiosy mpanambola sy avarapianarana ary mpitarika fivavahana jiosy ny hetsika. Tamin'ny 1897 tao Bâle anefa dia nahatafavory mpizaika marobe ihany i Théodore Herlz na dia teo aza ny sakana samihafa. Teraka avy eo izany ny hetsika sionista izay nitari-dàlana ny fananganana ny firenena sy fanjakana jiosy izay notanterahin'i Ben Gourion sy ramatoa Goldameïr tao aorianan'ny ady lehibe faharoa. Araka ny arsiva ny ady lehibe faharoa dia nisy ny natao hoe « contrat de transfert » izay nahafahana namindra ireo mponina israelita hifindra monina ao amin'ny tanin'Israely voafaritra.

***Fetra Ramamonjy***

BORIBORITANY VOALOHANY

## Nanao fanadiovana sy fandaminana ny tanàna teny Antaninandro

Nodiovina ny lalambahoaka, nosokirina avokoa ireo fako izay nanentsina ny lakan-drano, noesorina torak'izany ihany koa ireo lobolobo izay nanaratsy ny endriky ny Tanàna, ankoatr'izay dia nomena taratasy fampitandremana ihany ireo fiara izay tsy miasa mameno ny toeram-piantsonana sy ireo trano hazo tsy ara-dalàna. Izany ny rehetra izany ny asa izay niandraiketan'ireo ekipa teknikan'ny Boriboritany Voalohany teny amin'ny faritra Antaninandro sy ny manodidina ny Zoma 10 Aogositra 2018. Araka izany dia hita tokoa fa asa mafy no iandraiketan'ireo mpanadio ny Tanàna koa tsy mitsahatra ny manentana ireo mponina izay mipetraka na mpandalo eto an-dRenivohitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) mba hanary ny fako eny amin'ny toerana izay natokana amin'izany ary hanaraka ny fandaminana izay efa napetraky ny Kaominina. Raha samy mandray ny andraikitra tandrify azy mantsy ny tsirairay dia azo heverina fa hiverina amin'ny laoniny ny hasin'ny Tanàna. « Antananarivo Renivohitra madio sy milamina no tanjona ».



*Ny fanadiovana tanàna nataon'ny Boriboritany I.*

***Aly***

Fanatanjahantena an-tsekoly

## Efa vonona ny DREN Vakinankaratra

Tontosa ny fifaninanana ara-panatanjahantena an-tsekoly ho an'ny Dren Vakinankaratra. Mpianatra miisa 632 no niatrika ny fifaninanana ara-panatanjahantena an-tsekoly eo amin'ny sehatra Rejionaly izay notanterahana teto Antsirabe, ka avy amin'ny Cisco 07 anatin'ny Distrika eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra izy ireo. "Ezaka", io no teny filamatra nentina niatrika ny fifaninanana ho an'ity taona 2018 ity, ka taranja telo no nifaninanana dia ny basket-ball, foot-ball ho an'ny lahy sy vavy ary ny taranja fototra athletisma. Tonga nanome voninahitra sy nanokatra izao fifaninanana ara-panatanjahantena an-tsekoly izao ny solontenan' ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena Andriamatoa Beatrefina Patrice, Directeur de l'education fondamentale et l'alphabetisation, nahitana ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Faritra Andriamatoa Rakotomahandry Thimoté, Sekretera Jeneraly, sy ny avy ao amin'ny Prefektiora Ramatoa Andriatomponera Voahangy Harimino ary ny lehiben'ny Cisco 07 sy ny solontenan'ny Ditrika tsirairay avy ary ireo mpianatra rehetra handray anjara amin'ny fifaninanana. Nasongadin'Andrimatoa "Directeur de l'éducation fondamentale et l'alphabétisation", fa manana ny "auto-discpline" ny fanantanjahantena ary manampy ny fiainana andavanandro sy ny fiainana manontolo mihitsy miaraka amin'ny fanabeazana any an-tsekoly sy ny fitaizan'ny Ray amandreny. Mitohy hoy izy ny fanabeazana ny ankizy rehetra eto Madagasikara ary tsy hihemotra ny fanadinam-panjakana toy ny CEPE, BEPC ary ny BACC, ka miantso ireo mpanabe rehetra mba hanohy ny asa toy ny mahazatra. Teto ihany koa no nanamafisan'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Faritra Vakinankaratra fa ny fanantanjahantena no lalana lehibe fitaizana ny maha-olona indrindra eo amin'ny toe-tsaina tia fifaninanana mandroso ary vantana salama. Fitaratry ny fitaizana andavanandro sy ny fiaraha-monina ka hitondra fampandrosoana ary hipaka eo amin'ny firenena. Tsara ny manamarika fa nahazo ny laharana voalohany ny Faritra Vakinankaratra ary nandrombaka ny amboara ny taona 2015. Rehefa mandresy eto amin'ny sehatra Rejionaly ireo mpifaninana ny lalao ara-tsekoly dia any Toliara kosa ny hanatanterahana ny sehatra Nasionaly. Efa maro ireo athleta sangany nivoaka teto Vakinankaratra izay efa lasa mandrafitra ny ekimpam-pirenena Malagasy. Ho fankasitrahan'ny DREN Vakinankaratra ny fiaraha-miasa tamin'ny Prefektiora sy ny Faritra ary ny Kaominina ambonivohitra Antsirabe dia notolorana Medaly volamena ny solontena tsirairay avy.

***Solohery***

Ampefiloha

## Moto nangalarina azon'ny fokonolona

Afak'omaly alina dia nisy mpangalatra moto nandalo tamin'iny faritry ny cité Ampefiloha iny, tsy nandeha ilay moto ka natosik'ireo mpangalatra. Hitan'ny olona maromaro teny amin'ny Cité Ampefiloha iny izany ka nenjehan'izy ireo ireo mpangalatra, rehefa izany dia navelan'ireo mpangalatra ilay moto, moto Kymco 300 GTI miloko fotsy, koa izay tompon'izany mba hanatona ao amin'ny polisy Ampefiloha. Olona maromaro sendra nandalo tamin'ny lalana Ampefiloha no nahatsikaritra ireo mpangalatra dia nenjehiny satria niantso polisy ko aizy ireo nanampy azy tamin'izany.

***Ny Valosoa***

Mpianatra mahay be

## Torana tany am-pianarana

Dia gaga ialahy hoy ny fitenenana, fa tsy rony tsy ventiny teo dia nikarapoka tamin'ny tany fotsiny ity tovovavikely vao 12 taona ity tany am-pianarana. Nikoropaka ny mpampianatra ka tsy maintsy nentina haingana tany amin'ny dokotera izy io, ary tsy maintsy nantsoina ny ray aman-dreniny. Tsy hitako izay soritr'aretina nefa hoy ny mpitsabo fa zavatra hafa io. Voatery nentina tany amin'ny mpitsabo malagasy indray fa tsy nahitana fanasitranana satria vao niverina tany am-pianarana indray izy dia mbola nitohy hatrany izany aretina izany. Very hevitra ny reniny ka tsy maintsy niantso an'i Jessica mpitsabo eny Mandrosoa Ivato satria malaza tamin'ny gazety ny nomerony 03387 395 41 fa mitsabo sy manasitrana ary manana fanomezam-pahasoavana manokana io mpitsabo io, ka avy hatrany dia nentina teny aminy ilay zazavavy. Vao nihaona anefa dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy : mahay be io zanakareo io hoy izy ary voalohany foana. Hanala fanadinana izy io amin'ny Talata hoy izy ka nisy nanao ankaso. Notrorin'ity mpitsabo ity ny lohany, nampisotroina rano manokana izy ary nalefa nody. Afaka mianatra izy hoy ilay mpitsabo fa alefaso any amin'izay. Tsy mbola azoko antoka hoy ilay reniny fa aleo aloha hotsaboina tsara izy. Tsy maninona àry hoy ity mpitsabo ity fa ento indray mandeha aty izy. Talohan'io anefa dia tsy nety ny dadan'io zaza io fa tsy maintsy nalefa nianatra ihany aloha izy. Tsy nihetsika intsony ny aretina, tsy safotra intsony izy ary mianatra tsara tsy misy olana. Tapa-bolana taorian'io, mbola tsy narary ihany. Teo vao niaiky ny ray aman-dreniny fa tsy nilaina intsony ny niverina tany amin'ity mpitsabo ity fa vao notrorina indray mandeha fotsiny dia sitrana sy afaka nianatra ara-dalàna. Salama tsara izy izao ary vonona hiatrika fanadinana amin'ny talata izao.

***Namana***

**Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65**

Fanabokana nataona mpiara-miasa

## Potika sy rava ny fiainan'izy mivady

Enim-bolana izay, tsy nisy nandeha tamin'ny laoniny ny fiainan'izy mivady ireto. Izay varotra natao dia tsy nandeha ary tsy niditra intsony ny vola, ny asa natao hatramin'izay tsy nisy nandeha amin"izay laoniny intsony fa savoritaka lava any am-piasana ary ady no niafarany, tsy ireo ihany fa izay mba fidiram-bola natao hatramin'izay dia tsy misy nandeha tamin'ny laoniny intsony ary potika tanteraka ny fiainan'izy mianakavy. Ireo zaza mpianatra aza voakorontana ihany koa ka raha tsy voaroaka, dia na marary, na misy olana foana ka tsy afaka nanohy fianarana intsony. Ny tena olana aza dia saika hisaraka mihitsy izy mivady ireto raha tsy nokarakarain'i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** ary ny **03460 479 94** mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo. Rehefa saika nisaraka mihitsy mantsy izy mivady no nisy nahare ka nanoro hevitra an'ity vehivavy ity mba hikarakara vatana haingana satria mbola misy fanafodiny izany hoy ity olona tsara sitrapo ity raha nihaona taminy. Avy hatrany ary dia niantso sy nihaona tamin'ity mpitsabo ity ilay vehivavy.

**Tratry ny fanabokana izy mivady ireto**

Vao nihaona tamin'ity mpitsabo ity izy mivady dia izao no valiny; tratry ny fanabokana ny tokantranonareo hoy izy ary tsy lavitra fa mpiray tanàna aminareo ihany io. Mosavy io hoy ilay mpitsabo ary ny hamotika anareo no tanjony amin'izany. Izay zavatra ataonareo hoy izy dia tsy hisy ho tafita izany na varotra, na fidiram-bola, na fiainana antokantrano, eny fa na ny fiainanareo andavanandro aza dia ho potika sy ho rava tanteraka ary tsy maintsy misaraka no hiafaranareo satria izay no tanjony. Nokarakarain'ity mpitsabo ity izy mivady, vavaka aloha no nanombohana ny fihaonana ary nisy fanefitra nomena azy roa avy eo. Tsy maintsy miverina amin'ny laoniny ny fiainanareo hoy izy ary tsy maintsy tafita ianareo. Saika tsy nahatoky ihany aloha izy mivady saingy hoy izy mivady hoe aleo aloha andramana sao io tokoa no hanavotra. Gaga anefa izy mivady fa vao tafody tany an-trano fotsiny izy roa dia nanomboka niravona ny disadisa, nanomboka niverina ny fidiram-bolany ary nanjary nilamina avokoa na ny vadiny, na ny zanany satria raha saika potika tao anatin'ny fotoana fohy ny fiainan'izy ireo dia niverina tamin'ny laoniny ihany ny fiainan'izy mianakavy raha saika potika tao anatin'ny volana maro. Tafita ihany izy roa ankehitriny ary tonga nisaotra sy nanolotra fanomezana ho an'ity mpitsabo malaza ity teny amin'ny 67 Ha atsimo.

***Ny Akama***

Fahasalama ara-pananahana sy fandrindram-piterahana

## Efa misy lalàna mifehy

Fantatra ankehitriny fa efa misy indray ny lalàna mifehy ny fahasalamana ara-pananahana sy ny fandrindram-piterahana amin'izao fotoana. Araka ny fanapahana laharana faha-04-HCC/D3 tamin'ny faha 17 janoary 2018 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny lalam-panorenana dia efa nivoaka ankehitriny ary manankery io lalàna mifehy ny fahasalamana ara-pananahana sy ny Fandrindrana Fiterahana io. Nisy araka izany ny atrik'asa nataon'ireo mpanentana ara-pahasalamana avy eo anivon'ny Marie Stops notanterahana ho fanapariahana io lalana fototra io na ilay atao hoy « SRPF » teto amin'ny Renivohitr'i Vakinankaratra. Tonga nanatrika izany ny solontena avy eto anivon'ny faritra notarihin-dRamatoa Ramahandriarivo Fanja tale miadidy ny lafitany ao amin'ny Faritra. Miisa 6 ireo lalàna nolanin'ny Antenimeram-pirenena sy ny Antenimierandoholona ireo ka isan'ny voalazan'ity lalàna ity fa ny isam-batan'olona, ny olon-droa miaraka ny fianakaviana sy ireo tompon'andraikitry ny fasalamana dia hahazo sy hisitraka ireo tombontsoa amin'ny ara-pananahana sy ny Fandrindrana Fiterahana. Efa nisy ary mbola hitohy ny fampahafantarana manerana ny nosy, ka natomboka ny zoma teo ny fampafantarana ho an'ny Faritra Vakinankaratra ary mbola hitohy manerana ireo Distrika miisa fito.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**04/08/18 hatramin'ny 11/08/18**

- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 800-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VAKINANKARATRA

# Foibe famokarana herinaratra 3 no havaozina tanteraka

Mitohy ny fanatsarana ny lafiny famantsian-jiro eto Vakinankaratra. Efa mizotra araka ny namaritana azy ny fitsinjarana ireo fitaovana "Compteur" eran'Antsirabe amin' izao fotoana ary mitohy izany. Voalaza fa ezaka sy fanamby goavana ny an'ny orinasa Jirama ny amin'ny fanarenana ity orinasa mpamokatra herinaratra eto amintsika amin'izao fotoana. Nisy ary ny fidinana ifotony nataon'ny Tale jeneraly lefitry ny Jirama, teto Antsirabe, nampahafantarana ireo fanavaozana maro atao eto Antsirabe sy i Vakinankaratra momba ny fampitomboana ny angôvo ho an'ity faritra ity. Notsidihiny voalohany ny toby famokarana herinaratra avy amin'ny rano ao Ambohimanga Antsirabe, izay misy ireo milina efa zara raha miasa sy mamokatra herinaratra. Fanavaozana lehibe no atao ao iarahana amin' ny orinasa Tiorka VES Powers, ka tafiditra ao anatin'ity fifanarahana iarahana amin'izy ireo ity ny hamokarana herinaratra hatramin'ny 7 MW raha tsy misy afa-tsy 2 MW izany amin'izao fotoana izao. Fifanarahana izay haharitra 12 taona ka aorian'io dia hiverina tanteraka amin'ny Jirama ny milina sy fitaovana rehetra izay vao hapetraka ao sy ny fitantanana ihany koa. Ao anatin'ny 12 volana kosa, dia efa ho afaka handeha sy hamokatra herinaratra ireo fitaovana vaovao ireo. Torak'izany koa ny toby famokarana herinaratra eo Ambalavato Antsirabe, izay mbola io orinasa Tiorka io koa no miara-miasa amin'ny Jirama. Manomboka amin'ity herinandro ity kosa, dia efa hiroso amin'ny andrana sy fampiasana ireo fitaovana vaovao ao ity orinasa VES POWER ity, ary hanana sy hamokatra angôvo hatramin'ny 7,5 MW io toby io. Menaka mavesatra kosa indray no hiasa amin'ireo milina ireo. Fantatra fa 10 taona kosa no raketin'ny fifanarahan'ny Jirama amin'io orinasa vahiny io amin'ny famokarana izany herinaratra izany. Ny foibe famokarana fahatelo, izay mbola tsy voafaritra aloha hatreto ny toerana tena hasiana azy eto VAkinankaratra, dia ny famokarana herinaratra azo avy amin'ny masoandro, izay iarahana amin'ny firenena Alemana. Vaovao koa io satria raha ny fanazavana hatrany, dia hisy ireo takelaka famokarana herinaratra hapetraka eto Vakinankaratra, ary ao ambanin'izany kosa no hisy fambolena amin'ny velaran-tany midadasika. Izany hoe, sady hamokatra herinaratra no hirotsaka amin' ny famokarana izany io orinasa Alemàna io. Notsipihin'ny tale jeneraly lefitry ny Jirama, fa ankoatry ny eto Vakinankaratra, dia misy ihany koa ireo milina havaozina indray rehefa tsy nandeha an-taonany maro, toy ny ao Ambohimanambola (24MW), ny any Mahajanga (5 MW), ary ny any Toamasina (6.3 MW). Raha eo amin'ny famokarana izany, dia misy azo antenaina raha tanteraka sy vita avokoa, ary efa natsipin'ity tomponandraikitra ity sahady, eo amin'ny lafiny fizarana ny angôvo vokatra, fa efa mandeha ny hetsika manokana fizarana ireny "compteur" ireny amin' izao fotoana izao, ary tsy misy ahiana ny mety tsy ho fahampiana

***Lezama***

Tontolo iainana

# Loza mitatao amin'i Faradofay ny fitrandrahana mônazita


Ny 9 Aogositra no niverina any Fort Dauphin tany niaviany ny minisitry ny tontolo iainana taorian'ny nanendrena azy ho ministra. Mambran'ny governemanta 4 no niaraka taminy: ny ministry ny fiarovana, ny paositra, ny fanatanjahantena, ary manamboninahitra ambony avy ao amin'ny zandarimariam-pirenena. Fitsenana nitaomana olona avy any ambanivolo nameno isa ny tao an-tampon-tanàna. Tao amin' ny seranam-piaramanidina no nandraisan'ny vahoakan' Taolagnaro azy. Taorian' ny kabary nifandimbiasana nizotra nihazo tao amin'ny lapan'ny tanàna, toerana nanaovana ny kabary nifandimbiasana. Fa anisan ny nanaitra dia ny lahateny nataon' ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tany Taolagnaro, Hatrefindrazana Jerry. Nambarany fa tokony hojerena akaiky ny fanomezana alalana ny QMM mitrandraka monazita. Loza mitatao ho an'i Taolagnaro ny fitrandrahana azy. Ity akora iray ity, hampidi-doza ary manakorontana fiainambahoaka ny fitrandrahana azy. Ny ONE, tsikaritra fa manao fomba fiasa mitanila ka tsy atokisan'ny mponina ny vokatry ny asa ataony amin'ny fanadihadiana ara-tontolo iainana. Mifanandrify indrindra amin'ny atrik' asa momba ny hetsika fanentanana ho amin' ny fiarovana ny tontolo iainana izao fidinana any an-toerana izao. Hateloana ny faharetan'izany ka handraisana fehin-kevitra amin'ny fotoam-pamaranana.

***Mangarahara***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 246**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0245)

***Mitsivalana***
- Karama
- Eny (Miv) – Ar
- Nihena
- Toeranao
- Toy (Miv)
- Niresaka
- Mitana (Miv)

***Mitsangana***
- Kintana
- Anio – In
- Rehetra
- Re (Miv) – (F)et(y)
- Mena – Si
- Maina (Miv)
- Koa (Miv)
- Matotra (Miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 246




**Mitsivalana**

**1.** Làlan-droa mifanapaka **2.** Foto-tenin'ny manova – Nanolotra **3.** Fonenana mandrakizay – Praiminisitra **4.** Renirano – Mpisolo tena **5.** Voan'ny fery – Fiandohan'ny volana **6.** Mpanoritra anarana – Tovona (Miv) **7.** Marika – Mamba **8.** Misy mivadika – Hekitara – Faranteny **9.** Nisintaka (Miv) **10.** Fafanay (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Mahasoa ny olona banga **B.** Maro loko eny amin'ny lanitra – Kanto **D.** Malahelo **E.** Jamoka **F.** Be taona **G.** Tratry ny tsy fahasalamana – Bibikely **H.** Zava-maniry – Vady **I.** Kianteny – Mpanondro toerana – Tolona (BR) **J.** Afovoany **K.** Enti-milaza – Manontany fotoana

## Valiny Teny mifanaraka 0245

***Mitsivalana***

**1** Sarotra – Ry **2.** Elo – Vono (Miv) **3.** Reraka – Iva **4.** Afaka – Tafa (Miv) **5.** Na – Onina **6.** Anarana **7.** Ny – Toy (Miv) **8.** Andro – Nify **9.** Tiana – Nam **10.** Lio – Anay (Miv)

***Mitsangana***

**A.** Seranana **B.** Alefa – Inty **D.** Rora – Dio **E.** Akondro **F.** Tokana – Ony **G.** Iry – AA **H.** Ao – Noana (Miv) **I.** Nifantina **J.** Rova – Fa **K.** Ivato – Dimy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny hetsika ara-kolontsaina sy asa-tànana tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely, natrehan'ny Filoha Ravalomanana mivady.**













